

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2004 - 024

**Autorisant la ratification de l'Accord portant création de l'Agence
pour l'Assurance du Commerce en Afrique (ACA)**

EXPOSE DES MOTIFS

L'Agence pour l'Assurance du Commerce en Afrique (ACA) ou African Trade Insurance Agency (ATIA) est une institution multilatérale soutenue sur le plan financier par la Banque Mondiale, l'Union Européenne et le Gouvernement Japonais.

Elle a pour mandat de garantir les transactions commerciales d'importation et d'exportation ainsi que les transactions financières contre les risques politiques. Elle couvre également les risques commerciaux.

L'objectif de l'ACA est de faciliter, d'encourager et de développer la fourniture ou l'appui en assurance, y compris la coassurance et la réassurance, les garanties et autres instruments financiers et services à des fins d'échanges commerciaux, d'investissement et d'autres activités productives en Afrique en complément à ceux que peut offrir le Secteur Privé ou en coopération avec ce dernier.

Pour faciliter la réalisation du programme de relance des activités des entreprises malgaches qui ont connu un grand ralentissement après la crise, et pour corriger la perception du risque à Madagascar, le Président de la République a signé l'Accord portant création de cette Agence le 24 octobre 2002.

Suivant la lettre du Président en exercice de l'Assemblée Générale de l'ACA, en date du 13 janvier 2003, parvenue au Ministère de l'Industrialisation, du Commerce et du Développement du Secteur Privé le 1^{er} septembre 2003, la troisième Assemblée Générale Ordinaire de l'Agence, qui s'est tenue à Nairobi (Kenya) le 05 juin 2003 dernier, a approuvé la demande de la République de Madagascar d'adhérer à cette Agence, telle que signifiée par la signature de

l'Accord. Cette même lettre invite notre pays à poursuivre la prochaine étape qui est celle du dépôt de l'instrument d'adhésion auprès du Secrétaire Général du COMESA qui en est le dépositaire suivant l'autorité déléguée par le Secrétaire Général de l'Union Africaine au titre de l'article 29 de l'Accord. Cette adhésion est matérialisée par la ratification de l'Accord.

La dernière étape consiste à payer auprès de l'ACA la contribution initiale qui est de 100.000 dollars américains dans les soixante (60) jours après le dépôt de ce document au dépositaire. Le montant de la souscription initiale est déjà disponible, celui-ci sera imputé sur le budget de la composante ATIA du projet PDSP 2.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2004 - 024

**Autorisant la ratification de l'Accord portant création de l'Agence
pour l'Assurance du Commerce en Afrique (ACA)**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 1^{er} juin 2004 et du 15 juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

Article premier - Est autorisée la ratification de l'Accord portant création de l'Agence pour l'Assurance du Commerce en Afrique signé le 24 octobre 2002.

Article 2 - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 15 juillet 2004

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 004/04

Manome alalana ny fanamafisana ny fifanarahana mikasika ny fananganana ny Masoivohom-piantohana ny Varotra aty Afrika (ACA)

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Masoivohom-piantohana ny Varotra aty Afrika dia sampana marorantsana izay tohanan'ny Banky Iraisam-pirenena, ny Vondrona Eorôpeana ary ny Governemanta japoney eo amin'ny lafiny ara-bola.

Izy io dia nampiantraiketina ny fiantohana ny Fifampiraharahana ara-barotra eo amin'ny fanafarana sy fanondranana entana ary Fifampiraharahana ara-bola hiarovana amin'izay mety ho fahavoazana noho ny ara-politika sy ara-barotra.

Ny tanjon'ny ACA dia manamora, mandrisika ary mampiroborobo ny fampitaovana na fanohanana ara-piantohana, tafiditra ao anatin'izany ny fiarahamiombona antoka, ny fanavaozam-piantohana, ny atao antoka sy ny fitaovana ara-bola hafa ary ireo asa fifanakalozana ara-barotra, fampiasam-bola sy ny asam-pamokarana rehetra eto anivon'i Afrika ary izy io dia ho famenon'izay azon'ny sehatra tsy miankina omena na fiarahany miasa amin'io sehatra io.

Mba ho fanamorana ny fanatanterahana ny fandaharana asa izay entina hanaingana indray ny asan'ireo orin'asa izay tra-pahavoazana taorian'ny krizy sy mba hanitsiana ny fiheverana fa i Madagasikara dia toerana tsy mbola azo antoka amin'ny fampiasam-bola, dia nanao sonia ny fifanarahana fananganana io Masoivohom-piantohana io tamin'ny 24 oktobra 2002 ny Filoham-pirenenana.

Araka ny taratasin'ny Filoha am-perin'asan'ny Fivoriamben'ny ACA tamin'ny 13 janoary 2003, tonga teto amin'ny Ministeran'ny Industria, ny Varotra ary ny Fampiroboroboana ny Sehatra tsy Miankina tamin'ny 1 septambra 2003, ny fivoriambe ara-potoana fahatelon'io Masoivohom-piantohana io izay natao tao Nairobi (Kenya) ny 5 jona 2003 farany teo dia nankasitraka ny fangatahan'ny Repoblikan'i Madagasikara hiditra ho mpikambana ao anatin'ny araka ny

voamariky ny fanaovan-tsonia io Fifanarahana io. Io taratasy io ihany dia manasa antsika mba hanohy ny dingana manaraka amin'ny fametrahana ny fitaovam-pilatsahana ho mpikambana eo anatrehan'ny Sekretera Jeneralin'ny COMESA, izay mpitahiry izany araka ny fahefana nomen'ny Sekretera Jeneralin' ny Firaisambe Afrikanina azy. Izany dia araka ny voalazan' ny andininy faha-29-n'ny Fifanarahana. Io fidirana ho mpikambana io dia tanterahana amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fifanarahana.

Ny dingana farany dia ny fandoavana ny fandraisana anjara ara-bola izay mitotaly ho “100 000 dollars” ao anatin'ny 60 andro ao aorian'ny fametrahana ny antotan-taratasy filatsahana eo anatrehan'ny mpitahiry izany. Ny vola voatokana amin'io fandraisana anjara io dia efa vonona ary halaina ao amin'ny teti-bolan'ny ACA ao amin'ny tetikasa PDSP2.

Izany sy izany, no antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 004/04

Manome alalana ny fanamafisana ny Fifanarahana mikasika ny fananganana ny Masoivohom-piantohana ny Varotra aty Afrika (ACA)

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 01 jona 2004, izao Volavolan-dalana manaraka izao :

Andininy voalohany : Omena alalana ny fanamafisana ny Fifanarahana fananganana ny Masoivohom-piantohana ny Varotra aty Afrika izay vita sonia ny 24 oktobra 2002.

Andininy faharoa : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izany Lalana izany.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 01 jona 2004

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY SEKRETERA,

LAHINIRIKO Jean

